



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 014/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA
HO AMIN'NY TAONA 2026

PROJET DE LOI n° 014/2026
PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE
POUR 2026



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-014/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA
HO AMIN'NY TAONA 2026**



VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-014/2026 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2026

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taom-piasana 2026 ity dia miorina amin'ny toe-draharaha ara-toekarena voamariky ny trangan-javatra ivelany manan-danja, indrindra ireo loza voajanahary hateraky ny toetr'andro vao haingana sy ny fifandirana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenenena, izay nisy fiatraikany tamin'ireo Fifandanjana harifaobe voatahiry tao anatin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2026.

Manoloana izany, ny Governemanta dia manamafy ny finiavany hitazona ny fifandanjana ara-bola lehibe, indrindra amin'ny fitazonana ny tahan'ny tsy fahampian'ny toe-danja fototra ho 3,5% amin'ny harikarena faobe. Ao anatin'izany rafitra izany, ny fitomboan'ny harikarena dia niova ho 3,8% ho an'ny taona 2026, izay maneho fomba fiasa arahim-pitandremana sy afaka tanterahina manoloana ny fivoaran'ny toe-draharaha.

Mahakasika ny Fandanim-bolam-panjakana, ny PLFR 2026 dia mipetraka amin'ny lalantsaina maropototra sy voafehy, ary voamarika amin'ny tsy fisian'ny fampihenana ny toe-bola faobe. Ireo fanitsiana naroso dia manome lanja indrindra ny fandrindrana anatin'ny teti-bola, izay mifototra amin'ny paikady voafaritry sy ny fampifantohana indray ny loharanom-bola mankany amin'ireo laharam-pahamehan'ny Governemanta.

Arak'izany, ny PLFR 2026 dia manana endriky ny lalàna mifehy ny toe-bolam-panjakana anaty « réallocation budgétaire » amin'ny lafiny fandania, maneho indrindra fandaminana eo anivon'ireo loharanom-bola efa misy izany fa tsy fampitomboana ny fandania ho an'ny daholobe. Noho izany, ho fanatsarana ny fampiasana ny teti-bola dia miankina amin'ny fanapahan-kevitra anatin'ny izy io, sady miantoka fampifantohana ara-sehatra mifanaraka amin'ny torolalan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny fanavaozana sy ireo laharam-pahamehana nandritra ny fikaonan-doha nasionaly ho an'ny fampiroboroana ara-toekarena.

Ankoatra izany, ireo fepetra mikasika ny vola miditra dia maneho fanamafisana ny fanetsiketsehana ny loharanom-bola anatiny, amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fandania ara-ketra sy ny fanamafisana ny ezaka ataon'ny sampandraharaha misahana ny hetra sy ny fadintseranana.

Farany, ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity dia fitaovana ho an'ny fanitsiana ara-drafitra sy fanatsarana ny fitantanana teti-bola, ahafahan'ny Governemanta mamaly ireo filàna maika ara-toe-draharaha, sady manamafy ny fototry ny fitomboana maharitra, ho an'ny rehetra ary maharin-doha.

I- ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY TOE-KARENA

I.1- NY FIVOARAN'NY TOE-KARENA NY TAONA 2025

Tamin'ny taona 2025 dia niharan'ny olana maro i Madagasikara, toy ny haintany naharitra, rivo-doza mahery, fahatapahan-jiro matetika ary fiakaran'ny vidin-tsolika, izay samy nisy fiantraikany tamin'ny toekarena. Nampiakaran'ny Banky Foiben'i Madagasikara ho 12% ihany koa ny tahan'ny zana-bola fototra mba hifehezana ny fihakaran'ny vidim-piainana. Nisy ihany koa ny fihetsiketsehana sy fandrovana tamin'ny volana septambra sy oktobra 2025, ka nahatonga fahasimbana ara-materialy tomanana ho **231,4 miliara Ariary** sy fanelingelenana asa ara-toekarena maro. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena kosa dia nisy ny tsy fahamarinan-toerana ara-jeopolitika, ny fiakaran'ny haba amerikana amin'ny entana malagasy, ny fisalasalana momba ny AGOA, ny fanakatonana ny USAID, ary ny fitohizan'ny ady iraisam-pirenena.

Noho ireo antony ireo sy araka ny vinavina hatramin'ny volana desambra 2025, dia lasa +3,4% ny tahan'ny fitomboan'ny harin-karena ho an'ny taona 2025, raha +4,6% kosa no vinavina tao anatin'ny LFI 2026.

- Ny *seha-pihariana voalohany* dia nahitana fitomboana +4,0%, izay midika fihenana 1,2 isa raha oharina tamin'ny vinavina tao amin'ny LFI 2026 (+5,2%).
- Ny *seha-pihariana faharoa* kosa, izay vinavinaina hiditra amin'ny fitotonganana -0,7% tao amin'ny LFI 2026, dia lasa ho -0,5% ho an'ny taona 2025, vokatry ny antony maro anatiny sy iraisam-pirenena.
- Ny *seha-pihariana fahatelo* dia novinavinaina +4,6% amin'ny taona 2025, raha +5,9% kosa no vinavina tao amin'ny LFI 2026. Io fihenana io dia vokatry ny fiantraikan'ny tranga nanomboka ny 25 septambra 2025, indrindra teo amin'ny varotra sy ny fizahantany.

I.2- I.2- FIVOARAN'NY TONDRO NANDRITRA NY TELOVOLANA VOALOHANY 2026

Fahasahiranana roa sosona no nihatra tamin'ny toekarena malagasy ny taona 2026: ny krizy ara-angovo mifandraika amin'ny fifandonana any Irana, izay misy fiantraikany amin'ny vidin'ny fanafarana solitany, ary ny fandalovan'ny rivo-doza Fytia (31 Janoary – 1 Febroary 2026)

sy Gezani (10 Febroary 2026), izay niteraka tondra-drano tany amin'ny faritra fambolem-bary sady nahasimba ny voly maharitra fanondranana. Tondro ara-toekarena maromaro navoaka tamin'ny telo volana voalohany no maneho fironana mifanipaka. Nitombo +63% raha eo amin'ny fatrany ary +53% raha eo amin'ny sandany, ny fanondranana vokatry fambolena raha oharina amin'ny taona lasa. Izany dia vokatry ny fitombon'ny fanondranana letsy (+1 436%), jirofo (+150%) ary lavanila (+106,5%). Nitombo +14% raha eo amin'ny fatrany ny fanondranana harena an-kibon'ny tany, na dia nihena aza ny sandany (-3,6%) noho ny fihatoana vonjimaika tao Ambatovy. Mifanohitra amin'izany kosa, nihena -18,7% raha eo amin'ny fatrany sy -23,5% raha eo amin'ny sandany ny fanondranana lamba, noho ny tsy fahazoana antoka ny AGOA sy ny fanomezana ny kaomandy ho any amin'ny tany mahay mifaninana kokoa (Ejipta, Kenia). Nahatratra 71 190 ny mpizaha-tany tonga, izany hoe nitombo +12%. Nitombo +10,3% kosa ny fampisamboram-bola avy amin'ny banky ho an'ny toekarena.

I.3- VINA ARA-TOEKARENA HO AN'NY TAONA 2026

Raha ampidirina ao anatin'ny vinavina ny fiantraikan'ireo tranga ivelany sy ireo fepetra hoentimiatrika izany ary hanarenana ny toekarena izay hotanterahina, dia nohavaozina ho +3,8 % ny tahan'ny fitomboan'ny hari-karena amin'ny taona 2026, izany hoe nihena teboka iray isan-jato raha oharina tamin'ny voarakitra tao anatin'ny LFI 2026 (+4,8 %). Ity vinavina ity dia maneho ny faharetan'ireo sampana "*Fambolena*", "*BTP*", "*Paositra sy fifandraisan-davitra*" ary "*Banky sy fiantohana*", na dia eo aza ny fiantraikan'ny dona roa sosona ara-angovo sy ara-toetrandro amin'ny asa famokarana.

Seha-pihariana voalohany :

Nohitsiana ho +4,0 % seha-pihariana voalohany (raha +6,4 % tao anatin'ny LFI 2026), Mihena ny vokatry andrasana amin'ny "*fambolena*" (+4,1 %), vokatry ny fahasimban'ny velaran-tany volena sy ireo voly maharitra fanondrana noho ny rivodoza Fytia sy Gezani. Na izany aza, ny ezaka fanamafisana ny famokarana ara-pambolena (fizarana masomboly nahazo fankatoavana sy fitaovana ilaina amin'ny fambolena), ny fanitarana ireo tany voatondraka, ny fanohanana ireo tantsaha mandritra ny taom-pamokarana 2025-2026 ary ny fanavaozana ny rojom-pamokarana eto an-toerana ao anatin'ny drafitra fanarenana dia hanohana hatrany ity sampana ity. Ny sampana "*Fiompiana sy jono*" kosa dia antenaina hitombo +4,0 % (raha +4,3 % tao anatin'ny LFI 2026).

Seha-pihariana faharoa :

Nohavaozina ho +1,9 % ny sehatra faharoa (raha +3,3 % tao anatin'ny LFI 2026). Ny sampana "*Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany*" dia hitombo +0,6 % monja (raha +4,5 % teo aloha), noho ny fahasimbana nateraky ny rivodoza Gezani tamin'ireo fotodrafitrasa an'ny Ambatovy sy ny fiakaran'ny vidin'ny fanafarana solitany vokatry ny fifandonana tany Iran, ary koa ny fanitsiana ny famatsiana ataon'ireo mpamokatra titane manoloana ny fihenana'ny tinady maneran-tany. Ny sampana "*Lamba sy fitafiana*" kosa dia hiakatra ho +4,0 % (raha +1,2 % teo aloha), noho ireo fepetra fanitarana ny tsena fanondranana taorian'ny tsy fahazoana antoka mifandraika amin'ny AGOA. Ny sampana "*Sakafo, zava-pisotro*" dia hitombo +1,3 % (raha +2,5 % teo aloha), voakasiky ny fiantraika ankolaka nateraky ny rivodoza tamin'ny fambolena sy ny vokatry avy amin'ny jono. Ny sampana "*Akora fanorenana*" (+11,3 %) sy "*Indostria mpamokatra vy*" (+5,8 %) kosa dia hahazo tombony amin'ny fitomboan'ny tinady avy

amin'ny sehatry ny BTP. Farany, ny sampana "*Herinaratra, rano ary entona fandrehitra*" dia hijanona ho 0,0 % (raha +1,3 % teo aloha), noho ny dona ara-petrola tamin'ny famokarana herinaratra hafanana sy ny vokatry ny rivodoza Gezani tamin'ny tambajotra elektrikan'i Toamasina, na dia misy aza ny fanonerana ampahany avy amin'ny fanohizana ny drafitra fanarenana ny JIRAMA.

Seha-pihariana fahatelo :

Ny seha-pihariana fahatelo kosa dia antenaina hiakatra 5,7%. Ny sehatry ny asa vaventy dia antenaina hitombo +9,0% noho ny asa fanarenana taorian'ny rivodoza sy ny fanamboaran-dalana ary fanamboarana seranam-piaramanidina. Ny hotely sy trano fisakafoanana kosa dia hitombo miadana kokoa (+6,1%) noho ny fihenana'ny sidina avy any Dubai vokatry ny krizy any Moyen-Orient. Etsy ankilany, ny paositra sy fifandraisan-davitra dia antenaina hitombo tsara (+12,2%) noho ny fandrosoan'ny nomerika, ny BPO/EPC ary ny fanitarana ny tambazotram-pifandraisana. Ny sehatry ny banky sy fiantohana ihany koa dia antenaina hitombo +10,0% noho ny fiverenan'ny famatsiam-bola ara-toekarena tsikelikely.

I.4- FITANTANANA NY ISAN'NY MPIASAM-PANJAKANA

Ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taom-piasana 2026, dia hamafisin'ny Governemanta indray ireo fironana stratejika voafaritra tao amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana voalohany, eo amin'ny lafiny fitantanana ny isan'ny mpiasam-panjakana, izay mifototra amin'ny fomba fiasa mirindra, mahomby ary miompana amin'ny fahazoana vokatra. Ity politika ity dia mikendry ny hanomezana ny Fanjakana ireo fahaizama-nao ilaina hanohanana ny fanatanterahana ny drafitra fanarenana ny toekarena sy ny ara-tsosialy, sady miaro ny fahafahana manefa izany eo amin'ny tetibola.

Ny Governemanta, nandritra ny telovolana voalohany ho an'ny taona 2026, dia nametraka ny fahafahana mampiasa ireo toeran'asa tsy nampiasaina nandritra ny taom-piasana 2023, ho tombontsoan'ireo ministera izay tsy afaka nampiasa izany talohan'ny nampihantonana izany, mbaentina amin'ny famaliana ny filàna eo amin'ny isan'ny mpiasa.

Ny famolavolàna ny isan'ny mpiasa ho an'ny taom-piasana 2026 dia mifototra amin'ny fanadihadiana natao teo amin'ny fivoaran'ny isan'ny mpiasa sy ny filàna arak'olona ao anatin'ny fitantanam-draharaham-panjakana, izay nampivoitra filàna fanampiny teo amin'ny deparatemantan'ny ministera maromaro. Ankoatra izany, ity famolavolàna ity dia mandray ihany koa ireo filàna maika tsikaritra ao anatin'ny taom-piasana, raha hita fa mitombina ny fisian'ny ambiny afaka hetsehina eo amin'ny lafiny sorabola ho an'ny karama, ao anatin'ny fanajana ny fifandanjana eo amin'ny tetibolan'ny Fanjakana.

Ankoatra izany, ny taom-piasana 2026 dia mampiditra anaty kajy ny fandraisana mpiasa vaovao nahazoana alàlana ho an'ny taona 2025, izay nahemotra ny fampiharana azy noho ny toe-draharaha ara-tsosialy sy ara-politika nitranga, ka niteraka fanakisahana ny fandraisana an-tànana azy ireo tao anaty tetibola.

Ity paikady fanitsiana sy fanatsarana ny fitantanana ny isan'ny mpiasa ity dia tafiditra ao anatin'ny lojikan'ny fanavaozana ny Fitantanana-draharaham-panjakana, ny fanamafisana ny fahaizamaon'ny andrim-panjakana, ary ny fanatsarana ny fandrakofan'ireo sampan-draharaham-panjakana ny faritra rehetra. Izany no maneho ny finiavan'ny Governemanta hanangana Fitantanana-draharaha mahomby, tompon'andraikitra ary manakaiky ny olom-pirenena, sy afaka manohana ny fandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialin'i Madagasikara.

Mifanaraka amin'ny vinan'ny Governemanta, ity politika ity, dia mandray anjara amin'ny fananganana Fanjakana mahomby sy ara-drariny, miantoka ny fampandrosoana maharitra eo amin'ny lafiny maha olona, ny Fanjakana tsara tantana ary ny firaisankina ara-tsosialy.

II- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKANA

II.1- VOLA MIDITRA

II.1.1- HETRA

II.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AVY AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ny fitomboan'ny harikarena, izay tokony mahatratra 3,8 isan-jato amin'ny taona 2026, dia ahitana fiantraikany lehibe amin'ny vola miditra ara-ketra. Amin'izany tanjona izany, ny Foibem-pitantanana ankapobe ny hetra dia manolo-tena hampitombo 1,1 isan-jaton'ny harikarena faobe (PIB) ireo vola miditra ara-ketra anatin'ny fe-potoana 2026-2028, amin'ny alalan'ny fanesorana tsikelikely ireo fandaniana ara-ketra izay tsy ahitana fiantraikany amin'ny toe-karena sy ara-tsosialy, sady mitandro hatrany ny fahamarinan-toeran'ny tontolo iainana sy ny fahadiovana ao anatin'ny politika ara-ketra.

Arak'izany, dia tsy maintsy ilaina ny fahaiza-manao amin'ny fitantanam-bolam-panjakana mba hitandroana hatrany ny fifandanjan'ny teti-bola. Ankoatra izany, vokatry ny fandalovan'ireo rivodoza Gezani sy Fytia tamin'ireo faritra atsinanana sy andrefan'ny Nosy, ary ny zava-mitranga any "Moyen-Orient" mandritra ny enimbolana voalohany, ny Fandraharahana ara-ketra dia mikasa handray fepetram-panitsiana. Ireto farany dia mikendry ny hitazonana ireo vinavina efa voalaza tao amin'ny Lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana 2026, izay mitentina 6 221,7 miliara Ariary ho an'ny Lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026.

VINAVINAN'NY VOLA MIDITRA ARA-KETRA ANATINY ARAKA NY KARAZAN-KETRA				
<i>Miliara Ariary</i>				
KARAZAN-KETRA	LFI 2026	PLFR 2026	Elanelany	
Hetra amin'ny vola miditra	1 686,09	1 686,09	-	
Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy	926,27	926,27	-	
Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola	108,91	108,91	-	
Hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka	18,49	18,49	-	
Hetra tambatra	173,63	173,63	-	
Sara-panoratana	67,17	67,17	-	
Haba amin'ny tataom-bidy	1 919,82	1 919,82	-	
Haba amin'ny fifanakalozana amin'ny alalan'ny finday	29,74	29,74	-	
Hetra amin'ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra	288,26	288,26	-	
Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania	961,77	961,77	-	
Haba amin'ny fiantohana	20,62	20,62	-	
Sara amin'ny hajia	16,88	16,88	-	
Hafa	4,03	4,03	-	
TOTALINY	6 221,70	6 221,70	-	

II.1.1.2- FEPETRA MAHAKASIKA NY LALÀNA ARA-KETRA :

Tsy azo ihodivirana ny fitanana ireo tanjona voalaza amin'ireo vola miditra ara-ketra anatiny ho an'ity taona 2026 ity, mba ahafahana manohana ireo volam-panjakana ao anatin'ny zava-mitranga ara-toekarena maneran-tany izay miantraika sy zary lasa tsy marin-toerana noho ireo ady ara-jeopolitika. Amin'io fomba fijery io sy mba ahatarana ny tanjona ara-tetibola voalaza etsy ambony ary ho fanomezana tombony amin'ny fanarenana ny toe-karena, dia aroso ireto fepetra araka ny lalàna manaraka ireto :

- Fanitarana ny fototra famerana ara- ketra amin'ny fanohizana ny fanetsehana ireo vola miditra avy amin'ny hetra ;
- Fandanjanjana ireo fandania ara-ketra amin'ny fanafoanana ireo fepetra sasantsasany tsy ahitana vokatra ara-tsosialy sy toe-karena mivaingana ;
- Fiarovana ireo vola miditra amin'ny Fanjakana amin'ny alalan'ny fanamafisana ireo paika arahina araka ny lalàna ;
- Fanatsarana ny fitantanana ireo mpandoa hetra mba hametrahana fifampitokisana sy fiarahamiasa maharitra eo amin'ny Fandraharahana sy ireo mpandraharaha ara-toekarena.

Ireo fepetra mahakasika ny lalàna ara-ketra amin'ity volavolan-dalàna ity dia mikendry indrindra ny hanomezana fanoitra ilaina ho an'ny Fandraharahana mba ahatarana ireo tanjona amin'ny fampidiran-ketra, sady ho fanadiovana ny rafitra ara-ketra mba ahafahana manao fitsinjarana mahomby sy hisian'ny tontolon'ny fandraharahana milamina.

Ny amin'ny :

▪ **Hetra amin'ny vola miditra (IR) :**

- Fahafahana mamindra ny zo amin'ny fanemorana ny fatiantoka ara-ketra raha misy ny fanakambanana orinasa fa arahana fepetra izany ;
- Famaritana mazava :
 - ✓ ny fameran-ketran'ireo kaoperativa: fandoavana IR tsy miankina amin'ny vola maty ;
 - ✓ ny fandoavan-ketra amin'ireo zana-bola nateraky ny findramana tamin'ireo orinasa mpampindram-bola eto Madagasikara na tsia ;
 - ✓ ireo tovan'ny filazana toe-bola apetraka amin'ny fanambarana ny vola miditra araka ny voalazan'ny fitsipiky ny PCG 2005

▪ **Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola (IRCM)**

- Famaritana mazava ny fampiharana ny hetra amin'ny tombom-barotra azo avy amin'ny fivarotana fananana manaraka ataon' ireo mizaka zo aman'andraikitra.

▪ **Tamberim-bidy amin'ny akoranafo**

- Famaritana mazava momba ny famerana ny tamberim-bidy raha misy fivarotana akoranafo eto an-toerana.

▪ **Hetra tambatra (IS) :**

- Famaritana mazava ireo fepetry ny fanambarana sy ny fandrotsahana hetra tambatra notanana ifotony avy amin'ireo mpamokatra fototra : farafahatarany ny faha-15 n'ny volana manaraka nanaovana ny fitanana eny amin'ny Ivon-ketra mpitantana mahefa ara-paritra ;
- Famerana ny fe-potoana farafandoavana ireo vola arotsaka mialoha ho an'ny taom-piasana tsy mifanaraka amin'ny taona sivily :
 - ✓ Vola arotsaka mialoha voalohany : farafahatarany ny faran'ny volana fahatelo manaraka ny daty fikatonan'ny taom-piasana ;
 - ✓ Vola arotsaka mialoha faharoa : farafahatarany ny faran'ny volana fahaenina manaraka ny daty fikatonan'ny taom-piasana.

▪ **Hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsenam-barotra (IRM):**

- Fandrotsahana ny IRM eny amin'ny Ivon-ketra mpitantana mahefa ara-paritra ho an'ireo nahazo ny tsenam-barotra, ireo mpisahan'asa sy ireo mpisolon-tena nahazo fankatoavan'ireo nahazo ny tsenam-barotra tsy monina.

▪ **Sara-panoratana (DE):**

- Fanitsiana ny sara amin'ny fivahinianana: fitomboana hatramin'ny 50 euros (+ 40 miliara Ariary) ;

▪ **Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) :**

- Fampiharana ny DA amin'ny taha 10 isan-jato amin'ireo kojakoja fitafiana na lamba efa nampiasaina (+ 20 miliara Ariary) ;
- Fanitsiana ny :
 - ✓ sara-ketran'ny labiera ;
 - ✓ ny taha ampiharina amin'ny fifandraisan-davitra.
- Fanitarana ny tovana amin'ny DA amin'ny asa nomerika : Televiziona andoavam-bola ;
- Famaritana mazava ny momba ny fameran-ketra amin'ny DA amin'ireo asa mifandray amin'ny satelita.

▪ **Haba amin'ny tataom-bidy (TVA)**

- Famerenana ny haba alaina amin'ny fanafarana sy ny fivarotana :
 - ✓ vary ambony karazana amin'ny taha 5 isan-jato sy ny solika fandrehitra amin'ny taha 20 isan-jato (+ 40 miliara Ariary) ;
 - ✓ ireo fiara mandeha amin'ny hery mitambatra (herinaratra sy gazy/lasantsy) feno sy ireo izay azo fenoina avy amin'ny loharano ivelany ;
 - ✓ ireo fiara sy môtô mandeha amin'ny herinaratra.
- Fanafoanana :
 - ✓ ny haba amin'ny zana-bola amin'ny fampindramam-bola alain'ireo orinasa mpandraharaha ara-bola na banky ;
 - ✓ ny haba amin'ireo fanafody famonoana holatra sy famonoana bozaka ao amin'ny sandam-bidin'ny fadintseranana laharana 3808.92 sy 3808.93 ;
 - ✓ ireo tombontsoa manokana ara-ketra sasan-tsasany azon'ireo Tsangan'asa fanasoavam-bahoaka na « FRUP » (+35 miliara Ariary) ;
- Famaritana mazava ny fampiharana ny lamandy raha toa ka misy ny tsy fandrotsahana ny TVA izay tokony aloa.

▪ **Fahefana mitaky fampahalalana**

- Fanovana ny fe-potoana amin'ny fametrahana raha nisy fampahatsiahivana avy amin'ny Fandraharahana ara-ketra : 30 andro raha toa ka 8 andro izany teo aloha ;
- Famaritana mazava ny fahalaniana paik'andro ao anatin'ny telo taona amin'ny resaka fahefana mitaky fampahalalana ;
- Fandrindrana ireo lamandy ampiharina noho ny tsy fanaovana ireo andraikitra fampahafantarana amin'ny fampahalalana ;
- Fampidirana ny fahafahana mampiakatra ny raharaha izay manan-danja amin'ny taratasy fikajiana.

▪ **Hetran-tany (IFT)**

- Fanomezana sora-pamerana isaky ny taratasy fameran-ketra.

Fepetra hafa :

- Fanamafisana ireo sazy ampiharina amin'ny tsy fanaovana ireo andraikitra mikasika ireo fepetra amin'ireo mpisitraka tena izy ;
- Fampidirana ny endriky ny fangatahana manara-dalàna amin'ny fampiantoana ny fandoavan-ketra : na amin'ny taratasy samy hafa raha toa misy fitarainana amin'ny Vaomiera ara-ketra na amin'ny fitarainana amin'ny fifanolanana raha nalefa mivantana amin'ny Fandraharahana ;
- Fanaboriboriana ho zato ambany ny hetra aloa aorian'ny fikajiana.

II.1.1.3- AMIN'IREO FEPETRA ARA-PANJAKANA :

Ho fanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana sy iantohana ny fitoviana eo anatrehan'ny lalàna ara-ketra dia, hamafisin'ny Fandraharahana ireo ezaka ataony amin'ny alalan'ireo fepetra ara-panjakana. Ny paik'ady amin'ny fanetsehana ireo loharano rehetra dia miantehitra amin'ny ady mafonja atao amin'ny hosoka ara-ketra, ny fanatanterahana ireo fepetra araka ny lalàna efa misy ary koa ny fanaraha-maso akaiky ireo trosa ara-ketra tsy voaloha.

- Fanamafisana ny fitsirihana ara-ketra (+ 150 miliara Ariary) ;
- Fanohizana ny :
 - ✓ fanatanterahana ny haba amin'ny fiara enti-milina na TVM (+ 2 miliara Ariary) ;
 - ✓ fampandehanana sy fanaparahana ny "SAFI" ;
- Famoriana ireo ambin-ketra tsy voaloha na "RAR" (+ 190 miliara Ariary ka an'ny JIRAMA ny 90 miliara Ariary) ;
- Fanaraha-maso ny vola miditra avy amin'ny tsenam-barotra na IRM (+ 50 miliara Ariary).

Fiatraikan'ireo fepetra ara-ketra ho an'ny PLFR 2026 :

	(miliara Ariary)
Fepetra araka ny lalàna	135
Fandanjalanjana ireo fandanianana ara-ketra (Vary ambony karazana, solika fandrehitra, FRUP)	75
DA avy amin'ny kojakoja fitafiana na lamba efa nampiasaina	20
Fanitsiana ny sara amin'ny fivahinianana	40
Fepetra ara-panjakana	392
Fitsirihana ara-ketra	150
Fampiharana ny haba amin'ny fiara enti-milina	2
Fanamafisana ny famoriana ireo RAR	190
Fanaraha-maso ny IRM	50
FITAMBARANY	527

II.1.2- FADINTSERANANA

Ny famolavolana ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 ity dia tanterahina ao anatin'ny toe-javatra iainan'ny fiovana lalina, na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izany na eo anivon'ny firenena. Raha nametraka ny fototra ho amin'ny fanarenana ara-toekarena ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana voalohany, dia mitaky fanitsiana stratejika kosa ny zava-misy ankehitriny, mba hiantohana ny faharetana sy ny fahafahan'ny toekarena malagasy miatrika ireo dona samihafa.

Mikorontana ankehitriny ny tontolo ara-toekarena maneran-tany noho ny tsy fahamarinan-toerana ara-jeopolitika, indrindra ny fifandonana sy ny fiakaran'ny disadisa any Moyen-Orient. Niteraka fivoavana lehibe teo amin'ny vidin-tsolika sy ny saran'ny fitaterana an-dranomasina izany krizy lehibe izany, ka misy fiantraikany mivantana amin'ny firafitry ny vidin'entana hafarana eto Madagasikara.

Manoloana izany dona avy any ivelany izany, dia tsy maintsy mihoatra ny andraikiny mahazatra amin'ny fanangonana vola miditra fotsiny ny Fadintseranana, fa tokony ho lasa ampinga ara-toekarena ho an'ny firenena. Ny fiverenan'ny firenena matanjaka maro amin'ny politikan'ny fiarovana ny vokatra sy ny tombontsoany ara-toekarena, miaraka amin'ny fahatapahan'ny lalam-barotra iraisam-pirenena, dia mitaky ny fanamafisana ireo fitaovana fiarovana ara-barotra, mba hiarovana ny fahefa-mividin'ny mponina sy hiantohana ny famatsiana ireo entana stratejika.

Eo amin'ny sehatra nasionaly, ny fahatongavan'ny fitondrana vaovao dia manamarika fiovana lehibe sy manan-danja. Apetraky ny vinan'ny Filoham-pirenena ho ivon'ny asa-panjakana ny Fiandrianam-pirenena ara-toekarena. Ho an'ny Fadintseranana, izany dia midika ho iraka tsy azo ihodivirana : ny fanovana ny sisintany ho lasa fitaovana iray manosika ny fiaboroboan'ny indostria nasionaly.

Mifanaraka amin'ireo andry iorenan'ny Fanavaozana indray ny politika ara-padin-tseranana entin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 ity, ka manasongadina indrindra :

- **Ny Fitiavan-tanindrazana ara-toekarena** : fametrahana rafitra fandoavan-ketra miavaka, izay manome lanja manokana ny vondrona famokarana eto an-toerana raha oharina amin'ireo vokatra vita hafarana avy any ivelany.
- **Ny Rariny ara-tsosialy sy ara-ketra** : ady hentitra sy tsy misy fandefarana amin'ny hosoka sy ireo lalam-barotra tsy manara-dalàna, izay miteraka fifaninanana tsy ara-drariny ho an'ireo mpandraharaha ara-dalàna.

Manafaingana ny fiovany ny Fadintseranana malagasy mba ho lasa fitantanam-draharaha “akaiky ny mpisehatra sy mifototra amin'ny fahombiazana”, amin'ny alalan'ireto laharam-pahamehana lehibe telo ireto :

- **Fiandrianam-pirenena ara-indostria** : fanomezana fanafahana hetra voatokana sy fanamorana bebe kokoa ny fanafarana fitaovam-pamokarana sy teknolojia avo lenta, mba

hahafahana manova an'i Madagasikara ho ivon-toerana ara-paritra amin'ny famokarana indostrialy.

- **Faharanitan-tsaina artifisialy sy fanovàna nomerika** : fampiasana ny faharanitan-tsaina artifisialy amin'ny fanasokajiana sy famantarana ireo loza mety hitranga, ary fanesorana tanteraka ny taratasy amin'ny fomba fiasa, mba hampihenana ny fotoana lany amin'ny fandoavan-ketra sy famoahana entana, na dia eo aza ireo krizy ara-logistika maneran-tany.
- **Fadintseranana mahatohitra dona na fadintseranana maitso** : fanamafisana ny fanaraha-maso ireo vokatry mandoto ny tontolo iainana, ary fanohanana ara-ketra ireo angovo azo havaozina, mba hampihenana ny fiankinan-doha amin'ireo dona avy any ivelany eo amin'ny sehatry ny angovo.

Tsy safidy intsony ny fanatsarana ny fitantanana ireo fandaniana ara-ketra, fa lasa filàna tsy azo ihodivirana eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana. Ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 dia miroso amin'ny fampiharana indray ny hetra amin'ny fomba voafaritra sy kendrena amin'ireo zana-tsokajy nasionaly izay tsy mifanaraka amin'ny lalan'ny Fanavaozana indray. Izany dia natao hanitsiana ireo tsy fifandanjana eo amin'ny tsena sy hamerenana ny tombontsoa ara-ketra ho amin'ireo sehatra tena mamorona asa maharitra.

Ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity dia manova ny Fadintseranana ho fitaovana mavitrika sy mahay miatrika toe-javatra miovaova, afaka mitantana ny tsy fahazoana antoka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, sady manorina ny fototra iorenan'ny toekarena malagasy manana fiandrianam-pirenena, mifototra amin'ny indostria ary koa miroborobo.

Ho fiarovana izany fahafaha-mihetsika haingana izany, ary mba hiantohana ny fitoniana ilain'ireo mpandraharaha ara-toekarena ao anatin'izao toe-javatra miovaova izao, dia tsy misy fanitsiana ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana voarakitra ao anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity. Heverin'ny Fitantanana-draharaha fa efa manome ireo fitaovana ampy hanatanterahana ny laharam-pahamehan'ny Fanavaozana indray ny rafitra ara-dalàna misy ankehitriny. Amin'ny fisorohana izay mety ho fanovana lalàna tampoka sy lehibe, dia misafidy ny fitohizan'ny politika sy ny fahafaha-maminavina ny Fadintseranana, ka ahafahan'ny orinasa manamafy ny fampiasam-bolany tsy iharan'ny tsindry ara-pitantanana vaovao.

Na dia miorina amin'ny finiavana hanamafy ny fiandrianam-pirenena aza io vinan'ny Fanavaozana io, dia tsy maintsy miatrika toe-draharaha iraisam-pirenena sarotra sy tsy mitandro hasasarana. Ny tsy fahamarinan-toerana lehibe ateraky ny fifandonana sy ny fiakaran'ny disadisa any Moyen-Orient dia nanova lalina ny fivezivezen'ny varotra maneran-tany. Io dona avy any ivelany io, tamin'ny alalan'ny fiakaran'ny saran'ny fitaterana an-dranomasina sy ny fikorontanan'ny lalam-pamatsiana, dia nisy fiantraikany tamin'ny fototra iandoavan-ketra amin'ny fanafarana entana.

Noho izany, mba hampifanarahana ny tanjontsika amin'ny fanamafisana ny faharetan'ny toekarena sy ity zava-misy ara-jeopolitika vaovao ity, dia havaozina toy izao manaraka izao ny

vinavinan'ny vola miditra amin'ny Fadintseranana ao anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026 ity :

II.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :

Tombanana ho 5 202 miliara Ariary ny vinavinan'ny vola miditra amin'ny Fadintseranana, raha jerena ireto lafin-javatra manaraka ireto :

- fitomboana ara-toekarena tombanana ho +3,8 % ;
- vinavinan'ny fanafarana entana, vokatry ny fitohizan'ireo tetikasa fananganana indostria sy ny fanoloana tsikelikely ny vokatry hafarana amin'ny vokatry vokarina eto an-toerana ;
- fiovan'ny vidin'ny vokatry solika eny amin'ny tsena iraisam-pirenena ;
- fanatsarana sy fandrindrana ireo fandania ara-ketra, ary ny fampiharana ireo fepetra momba ny fampidiram-bola vaovao izay tombanana ho 295,58 miliara Ariary ny fiantraikany ;
- fampidirana ny vola tokony haloan'ny sehatra oentim-panjakana sy ireo rantsa-mangaika mifandray aminy amin'ny fanafarana entana, izay tombanana ho 50 miliara Ariary. Amin'izao fotoana izao, mitentina 599 miliara Ariary ny tahiry mbola tsy voaloha amin'ny haba sy hetra amin'ny "état bleu" ;
- fampidirana ireo haba fadintseranana fanampiny, tombanana ho 22,9 miliara Ariary;
- fampidirana ny anjara birikin'ny Fadintseranana amin'ireo tamberim-bidy avy amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany ;
- fanatsarana ny fitantanana ireo asa mikasika ny transit.

Raha fintinina, ny 69 % amin'ireo vola vinavinaina hiditra ireo dia avy amin'ny fanefana haba sy hetra amin'ny fanafarana vokatry tsy solika, ary ny 31 % kosa dia avy amin'ny fanefana haba sy hetra amin'ny fanafarana solika.

Miliara Ariary

HABA SY HETRA	LFI 2026	PLFR 2026	Elanelana
Haban-tseranana	1 250, 800	1 201,350	-49,450
Anisan'izany ny haba fadintseranana fanampiny	22, 900	22,900	-
TVA amin'ny fanafarana entana	2 619, 600	2 395,093	-224,507
Hetra amin'ny solika	314, 500	333,642	19,142
TVA amin'ny solika	828, 700	1 260,251	431,551
Haba alaina amin'ny fitanterana an-tsambo	2, 300	1,641	-0,659
Samihafa :		-	-
Anjara birikin'ny Fadintseranana	10, 000	10,000	-
Haba sy hetra hafa	0, 100	0,023	-0,077
TONTALINY	5 026, 000	5 202,000	176,000

II.1.2.2- FEPETRA ARA-PANJAKANA

Mifantoka amin'ny fanohizana sy fanamafisana ny ady amin'ny hosoka sy ireo lalam-barotra tsy ara-dalàna ny fepetra ara-pitantanana. Ankoatra izany, omena lanja manokana ihany koa ny fandriandra sy fanefana ireo haba sy hetra amin'ny fanafarana entana ataon'ny sehatra oentim-panjakana sy ireo rantsa-mangaika mifandray aminy.

II.1.2.3- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ao anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity, dia nisafidy ny tsy hanova ny Fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana ny Fitantanam-draharahan'ny Fadintseranana. Heveriny, araka izany, fa mbola mifanaraka tanteraka amin'ireo fanamby misy ankehitriny ny rafitra ara-dalàna manan-kery, ary mahafeno ireo filàna maika ateraky ny politika ara-toekarena nasionaly.

II.1.2.4- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA

Toy izao manaraka izao ny antsipirian'ireo fanovana entina amin'ny Tarify ny Fadintseranana :

1. Fanohizana ny fanatsarana ny fitantanana ireo fandaniana ara-ketra

Izany dia hotanterahina amin'ny alalan'ny famerenana amin'ny hetra, amin'ny fomba voafaritry sy kendrena, ireo zana-tsokajy tarifaire nasionaly sasantsasany izay heverina fa tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra ny rariny sy ny fiarovana ireo mpamokatra nasionaly manoloana ny vokatra hafarana.

Ity fepetra ity dia mikendry ny hanohanana ny vidin'ny vokatra eny amin'ny mpamokatra, manoloana ny fanafarana sakafo amin'ny vidiny ambany sy afaka amin'ny haba sy hetra. Raha ny marina, ny saran'ny famokarana isaky ny singa ho an'ny tantsaha malagasy dia mihoatra lavitra noho ny an'ireo firenena aziatika. Noho izany, ny famerenana amin'ny hetra ireo fanafarana ireo dia hanampy amin'ny fanatsarana ny fifaninanana sy ny fidiram-bolan'ireo tantsaha malagasy maro.

Mikasika ny solitany fandrehitra, ny fampiharana ny TVA amin'ny fanafarana azy dia tsy hisy fiantraikany lehibe amin'ireo tokantrano tena sahirana, izay mampiasa akora hafa amin'ny fanazavana sy ny fandrehitra.

Farany, ny famerenana ny habantseranana an'ireo fiara sy moto elektrika ary hybrides dia mikendry ny handrindra sy hanamaivana ireo tombontsoa ara-ketra izay sitrahan'ny ampahany vitsy amin'ny mpanjifa vitsy an'isa.

2. Famoronana zana-tsokajy ho an'ny vokatra antsoina hoe “creamer”, ho fiarovana ireo mpamokatra nasionaly.

Ny famoronana zana-tsokajy tarifaire manokana ho an'ny vokatra antsoina hoe “CREAMER” dia ahafahana mifehy tsara kokoa ny fanasokajiana azy. Ity fepetra ity dia mikendry ny hanamafy ny fiarovana ireo mpamokatra nasionaly, amin'ny alalan'ny fampihenana ny vokatry ny fifaninanana tsy ara-drariny ateraky ny fanafarana betsaka ireo vokatra mitovitovy aminy. Hanome fahitana ara-statistika mazava kokoa ihany koa izany, ary hahafahana manara-maso akaiky kokoa ireo fivezivezen'ny varotra mifandray amin'ity vokatra ity.

3. Fanafahana amin'ny haba sy hetra ireo fongicides sy herbicides ao amin'ny zana-tsokajy tarifaire laharana 3808.92 sy 3808.93

Fanafahana amin'ny haba sy hetra ireo fongicides sy herbicides ao amin'ny zana-tsokajy tarifaire laharana 3808.92 sy 3808.93, araka ny Note de conseil n° 110/2026-PM/SGG/SC tamin'ny 09/03/2026, momba ny fampitam-baovao am-bava mikasika ny fitazonana ny fanafahana ara-ketra ho an'ireo fongicides sy herbicides.

4. Famindrana ireo harato natao manokana ho an'ny fanatanjahantena ho ao amin'ny Toko 95, araka ny Fanamarihana 1 t) ao amin'ny Fizarana XI

Ny Fanamarihana 1 t) ao amin'ny Fizarana XI momba ny lamba sy ny vokatra vita amin'ny lamba dia milaza fa tsy tafiditra ao amin'io Fizarana io ireo vokatra ao amin'ny Toko 95, toy ny kilalao, lalao, fitaovana fanatanjahantena ary harato ampiasaina amin'ny hetsika ara-panatanjahantena.

Na izany aza, ny Fanamarihana 1 e) ao amin'ny Toko 95 dia manilika ihany koa amin'io Toko io karazana vokatra sasantsasany vita amin'ny lamba, toy ny akanjo fanoloana endrika, akanjo fanatanjahantena, na dia misy singa fiarovana aza, ka mamerina azy ireo ho ao amin'ny Fizarana XI.

Ankoatra izany, ny Fizarana XI dia mbola ahitana fepetra mikasika ny harato, na dia eo aza ny fanilihana voalaza ao amin'ny Fanamarihana 1 t) ao amin'io Fizarana io. Noho izany, io Fanamarihana io dia tsy maintsy vakiana miaraka amin'ireo voambolana sy fepetra mifandraika amin'ny lohateny ao amin'ny Toko 95, mba hamaritana mazava ireo karazana harato izay tena iharan'izany.

5. Fanitsiana ny fahadisoana ara-materialy.

II.1.2.5- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA

Hiteraka fiantraikany ara-ketra ankapobeny tomanana ho 295,58 miliara Ariary ireo fepetra kasaina hotanterahina ao anatin'ireo fanavaozana ara-pitantanana sy ara-tarifaire ireo, ka mizara toy izao manaraka izao :

+140 miliara Ariary ho an'ireo fepetra ara-pitantanana ;

+155,58 miliara Ariary ho an'ny fanatsarana sy fandrindrana ireo fandaniana ara-ketra.

II.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKANA

II.2.1- Antontan-karama

Fanitsiana ny antontan-karama sy fihazonana ny fetra izay napetraka

Ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taom-piasana 2026 dia tanterahina ny fanitsiana ny antontan-karaman'ny Fanjakana mba handraisana an-tanana ireo fiovana nitranga nandritra ny fanatanterahana ny tetibola, ary koa ireo fepetra manana endrika ara-tsosialy, ara-tsata ary ara-pitantanana, nefa tsy manova ny fifandanjana ankapoben'ireo vinavina tany am-boalohany noraisina.

Ireo fanitsiana ireo dia vokatry ny sokajin'antony telo lehibe :

- ireo fepetra manokana (fanitsiana hifanaraka amin'ny rijanteny, didy ara-pitsarana, rappel, tambikarama manokana) ;
- ireo fepetra manana endrika ara-tsosialy sy ara-tsokajy ;
- fanitsiana mifandray amin'ny fitantanana ny isan'ny mpiasa sy ny zo ara-pitantanana.

Ampy andoavana ny fandaniana aterak'ireto fepetra ireto ny sorabola mbola azo ampiasaina ao anatin'ny antontan-karama, indrindra noho ireo fanitsiana natao nandritra ny fanatanterahana ny tetibola sy ny fanavaozana ny angon-drakitra momba ny vinavina.

Ireo singa ireo dia ahafahana miantoka ny famatsiam-bola ireo fepetra, nefa tsy manova ny fifandanjana ankapoben'ny antontan-karama, izay mbola tazomina ho 4 852,76 miliara Ariary, araka ny vinavinan'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana tany am-boalohany ho an'ny taona 2026.

II.2.2- Tahirim-bola fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana :

Fanitsiana ny famatsiam-bola ny rafitra fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana : fandraisana anaty kajy ny fivoaran'ny vola miditra sy ny filàna amin'ny famenoana ireo kitapombolan'ny fisotroan-dronono

Ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taom-piasana 2026, dia nahitsy ny vinavina mikasika ireo tahirim-bola fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana, mba handraisana an-tanana ireo fiovana tsikaritra nandritra ny fanatanterahana ny tetibola, na eo amin'ny lafiny vola miditra izany na eo amin'ny lafiny fandaniana.

Noho izany, ny filàna ho an'ny famenoana ara-bola dia niova ho 459,84 miliara Ariary, tafiditra ao anatin'izany ny filàna fanampiny mitentina + 87,54 miliara Ariary raha oharina amin'ny sorabola voalohany. Ity fitomboana ity dia vokatry ny fitambaran-javatra roa lehibe : etsy andaniny, ny fitomboan'ny fandaniana amin'ny fisotroan-dronono noho ny fanavaozana ny taha sy ny fitombon'ny isan'ny mpiasa mandeha ho any amin'ny fisotroan-dronono ; etsy ankilany, ny fihenany vola miditra avy amin'ny latsakembokara, izay mifandray indrindra amin'ny fihenany isan'ny mpandao latsakemboka. Ity tsindry roa sosona ity dia mampitombo ny tsy fifandanjana ara-bolan'ireo rafitra fisotroan-dronono ary manamafy ny fiankinany ireo amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny tetibolan'ny Fanjakana.

Ity fivoarana ity dia manamafy ny faharefoana ara-drafitra mbola misy eo amin'ny rafitra fisotroan-dronono ho an'ny mpiasam-panjakana, izay hita fa miankina betsaka amin'ny fiovaovan'ny rafitra demografika sy ny fiovaovan'ny vola miditra avy amin'ny latsakemboka. Izany dia maneho mazava ny antony ilana ny fanitsiana ara-tetibola tsy tapaka, mba hiantohana ny fitohizan'ny fandoavana ny fisotroan-dronono sy hiarovana ny faharetana ara-bolan'ny rafitra ao anatin'ny fepotoana antonony sy lavitra ezaka.

II.2.3- Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatran'ny karama ary ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana

Ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taom-piasana 2026, mifanaraka amin'ny torolalan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ho an'ny Fanavaozana (PGE-R), dia mamaritra fanitsiana ara-fandaniana izay mikendry ny fitohizan'ireo fandraharam-panjakana fototra ho an'ny daholobe, hamaly ireo filàna laharam-pahamehana hita nandritra ny fanatanterahana ny teti-bola, ary hanamafy ny fahombiazan'ny hetsika ataon'ny fanjakana manoloana ireo fanamby mifanaraka amin'ny toe-draharaha. Ao anatin'izany rafitra izany dia omena lanja manokana ireo tetikasa sy fidirana an-tsehatra izay misy fiantraikany mivantana amin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ny Mponina, ny fanarenana sy fampiroboroana ny asa ara-toekarena, ary ny fanamafisana ny fahaiza-mamokatra sy ny fiarenan'ny toekarem-pirenena. Ireto no voakasik'ireo fepetra ireo :

- Fanohanana ny sehatry ny Angovo : izay fototry ny fitomboana ara-toekarena sy ny fifaninanana ara-barotra ;
- Fanomezana teti-bola hiatrehana ny vidin-tsolika, vokatry ny fiantraikan'ny ady any Iran ;
- Fanatanterahana ny « déconcentration budgétaire » sy ireo fepetra fanarenana ara-toekarena ;
- Fanarenana ireo fotodrafitrasa fototra : lalana, angovo, rano, sekoly ary tobim-pahasalamana, ary koa ireo sehatra mitondra fitomboana toy ny fambolena, fizahantany ary indostrian'ny fanodinana ;
- Fampidirana ireo fepetra momba ny fanjakana tsara tantana, ny ady amin'ny kolikoly ary ny fanamafisana ireo rafitra mpanara-maso sy mpifehy.

Ny famindrana sy fanavaozana ny teti-bola, na eo amin'ny Sora-bola fampandehanan-draharahana na eo amin'ny Sora-bola enti-mamokatra avy amin'ny famatsiam-bola anaty, dia tarihina mankany amin'ny famatsiana ireo tetikasa manana lanja laharam-pahamehana sy stratejika, mifanaraka amin'ny tanjon'ny fampandrosoana sy ny filàna arakin'ny toe-draharaha misy.

Ankoatra izany, ny fandaniaho amin'ny fampiasam-bola tohanan'ny famatsiam-bola ivelany dia mampiditra tetikasa vaovao izay vatsian'ny loharanom-bola avy any ivelany. Ireo famatsiam-bola ireo dia manampy amin'ny fanamafisana ny fampiasam-bola miteraka vokatry ny fanafainganana ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa ho an'ny fampandrosoana, indrindra amin'ireo sehatra laharam-pahamehana manohana ny faharetana ara-toekarena sy ara-tsosialy eto amin'ny firenena.

II.3- NY TROSAM-PANJAKANA

TROSA IVELANY

Ny vinavina ho an'ny fitambaran'ny vola ho efaina ao amin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2026 dia voatazona ho 1 579,1 miliara Ariary amin'ny Lalàna mifehy ny Tetibola nasiam-panitsiana 2026. Mitontaly 1 244,4 miliara Ariary ny renivola raha toa ka 334,7 miliara Ariary kosa ny zanabola.

Mikasika ny fampindramam-bola ho an'ny tetikasa, dia hitombo ny vinavinan'ny famatsiam-bola ka hahatratra 4 775,5 miliara Ariary ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana, indrindra noho ny fampidirana ireo fanohanana mifandraika amin'ny fanarenana ny takaitra avy amin'ny rivodoza.

TROSA ANATINY

Ny vinavina mitentina 645,7 miliara Ariary momba ny zanabola ateraky ny trosa anatin'ny dia tsy niova raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana teny am-boalohany 2026. Ireo dia mifanaraka indrindra amin'ny zanabola aloan'ny fanjakana amin'ny taratasim-bolan'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ny tahan'ny zanabola ampiharina amin'ireo taratasim-bola navoakan'ny Tahirimbolam-panjakana dia tomanana ho 12,39% amin'ny ankapobeny.

II.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2026, ny teti-bola natokana ho an'ny fampindramam-bola sy fampindramam-bola avy amin'ny vola indramina avy any ivelany ataon'ny fanjakana dia mahatratra 243,5 miliara Ariary, ary mifanaraka indrindra amin'ny fampindramam-bola ho an'ireo tetikasa « Fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina » sy ny « JIRAMA Andekaleka -Fanitarana ny toby famokarana herinaratra amin'ny alalan'ny rano ». Ny fandraisan'ny fanjakana anjara amin'ny renivolan'ny orinasa dia nampiakarina ka hahatratra 232,0 miliara Ariary, izay mifandraika amin'ny fanarenana ny simba nateraky ny loza.

II.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Ny vola miditra sy mivoaka mahakasika ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany (FCV) dia tsy miova raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana teny am-boalohany. Raha tomanana ho 11,3 miliara Ariary amin'ny taona 2026 ny vola miditra ateraky ny famerenana ny FCV, dia vinavinaina ho 5,5 miliara Ariary kosa ny fandaniana hanam-pamokarana atao avy amin'ny fampiasana ireo tahirim-bola ireo.

II.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA

Ny famatsiana ara-bola anatin'ny fatiantoky ny tetibolan'ny Fanjakana dia ho tanterahina amin'ny alalan'ny fivarotana taratasim-bola avy amin'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'ny banky sy ny sehatra ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Ny vola andrandraina ho azo amin'izany dia hahatratra 2 230,7 miliara Ariary, raha toa ka 2 095,4 miliara Ariary kosa ny famerenam-trosa ho atao. Noho izany, hitombo 135,3 miliara Ariary ny antontan-trosa mahakasika ny taratasim-bola navoakan'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ankoatr'izany, ny Tahirim-bolam-panjakana dia haka avansy avy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Etsy ankilany, ny fanampiana ara-teti-bola izay notombanana ho 1 127,8 miliara Ariary dia hiakatra ary hahatratra 2 276,9 miliara Ariary. Ny mamaritra izany dia ny fanampiana avy amin'ny **Banky Iraisam-pirenena**, (MERG 100,0 tapitrisa USD izay efa novinavinaina tamin'ny 2024 fa tamin'ny 2026 vao voaray sy ny TALIM izay mitentina 20,0 tapitrisa USD), ny fanampiana avy amin'ny Tahirimbola Iraisampirenena mitentina 234,6 tapitrisa SDR (FEC ampahany telo sy FRD ampahany enina), ary koa avy amin'ny BAD (PAGFRE 50,0 tapitrisa UC).

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Dr Herinjatovo RAMIARISON

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-014/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA
HO AMIN'NY TAONA 2026**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-014/2026
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2026**

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2026.

ANDININY FAHA-2

**FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA (CDI) SY NY FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY
PAIKA ARAHINA ARA-KETRA (CPF)**

**ANDININY FAHA 2.1
FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**FIZARANA VOALOHANY
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**

**LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**

**ZANA-DOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**

**TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY II
VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.01.03.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 9° amin'ity andininy ity:

“9° Nofoanana”

**SOKAJY IV
OLONA IHARAN'NY HETRA**

Andininy 01.01.05.-

Foanana ny teny “fitambarany” ao amin'ny paragirafy faha-3 amin'ny I- amin'ity andininy ity.

**TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

Andininy 01.01.11.-

Ampidirana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

“ III- Amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana mazava avy amin'ny Fandraharahana momba ny hetra, sy araka ireo fepetra voafaritry ny didy amam-pitsipika, ireo fatiantoka ara-ketra araka ny voalazan'ny andininy 01.01.10.11° amin'ity Fehezan-dalàna ity, ho an'ny orinasa natelina dia afaka afindra amin'ny orinasa mitelina ary ampifanalana amin'ireo tombom-barotra izay iharan'ny hetra izany.”

**TOKO VI
FOMBA FAMERANA NY HETRA**

Andininy 01.01.13.-

Ampiana VII- izay mirija toy izao, aorian'ny VI- amin'ity andininy ity:

“VII- Ireo orinasa kaoperativa ihany koa dia iharan’ny hetra amin’ny vola miditra na toa inona ny fitambaran’ny vola matiny.

Ireo mpikambana dia samy mandoa ny hetrany tsirairay avy manaraka ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka.”

TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.14.-

a) *Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny B. amin’ny II- amin’ity andininy ity:*

“B- Nofoanana”

b) *Ampidirana D. izay mirija toy izao amin’ny faran’ny C. amin’ny II- amin’ity andininy ity:*

“D. ho an’ireo zana-bola alain’ny banky sy ireo mpandraharaha mpampindram-bola hafa tsy monina eto Madagasikara, amin’ireo raharaha fampisamboram-bola. Tsy voakasik’izany ireo zana-bola voalazan’ny andininy 01.01.03. 8° amin’ity Fehezan-dalàna ity.

Ny olona monina no mitana ifotony ny hetra ary izy no miantoka ny fandrotsahana izany manaraka ireo fepetra voalaza etsy ambony.”

TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.01.19.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

“ Eo amin’ny lafiny ara-ketra, ireo olona tsotra sy ireo orinasa iharan’ny famerana araka ny tena zava-bita dia tsy maintsy, mitazonana fitanan-kaonty ara-dalàna amin’ny iray amin’ireo fiteny ofisialy eto Madagasikara ary tsy maintsy ampiharahina amin’izany ny filazana voalazan’ny andininy I-11 n’ny Fehezan-dalàna amin’ny paika arahina ara-ketra, ireo filazàna toe-bola ahitana ny toe-pananana sy trosa, ny kaotin’ny fatiantoka sy ny tombony isaky ny andraikitra, ny kaotin’ny fatiantoka sy ny tombony isaky karazany, ny tabilaon’ny fivezivezen’ny vola miasa, ny filazàna amin’ny fiovan’ireo fananana enti-mamokatra, ny tovan’ireo filazàna toe-bola ary koa ireo filazàna tsotsotra miaraka amin’izany izay **ahitana indrindra indrindra ny tabilaon’ny fananana mifaka sy ny fahaverezam-bidin’izany, ny filazana ny tahiry sy ny fahaverezam-bidy** ary koa ireo angom-baovao tsy maintsy hita ampiharahina amin’ireo filazàna toe-bola.”

**ZANA-DOHATENY II
SARA SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY SOLIKA (IDH)**

**TOKO I
SARA**

Andininy 01.01.27.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha – 2 amin'ity andininy ity:

“ Ny tamberim-bidy amin'ny akoranafo dia faritana araka ireo taha manaraka voalaza etsy ambany ary kajiana avy amin'ny vidy efa voafaritra ara-ketra izay heverina ho toy ny vidy amin'ny tsenam-barotra iraisam-pirenena eo amin'ny **toerana nahatongavan'ny entana** na ny toerana hanondranana izany, anesorana ireo saram-pitanterana miainga avy eo amin'ny **toerana voalaza nahatongavan' ny entana** na ny toerana hanondranana sy ny toerana iaingany.”

Andininy 01.01.29.-

Ovàna ho “ity Fehezan-dalàna ity” ny vondron-teny “Fehezan-dalàna momba ny hetra” amin'ity andininy ity.

Andininy 01.01.30.-

a- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Mitsinjara toy izao manaraka izao ireo **tamberim-bidy amin'ny akoranafo** aloan'ireo orinasa:

- 50 isan-jato ho an'ny OMNIS;
- 50 isan-jato ho an'ny Fanjakana sy ireo Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, ka ny 25 isan-jato an'ny teti-bola ankapoben'ny Fanjakana ary 75 isan-jato ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana”.

b- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:

“ Ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny didy **amam-pitsipika momba ny hetra** no manendry ny **sampan-draharaha misahana ny fitakiana ny tamberim-bidy amin'ny akoranafo** izay aloan'ny orinasa eto an-toerana na ireo orinasa vahiny mpiara-miombon'antoka tokony handoa izany.”

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

Andininy 01.02.07 bis.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana faha – 2 amin’ity andininy ity.

“Ny hetra tambatra an’ireo mpamokatra fototra dia kajiana sy tanan’ireo **mpanjifa** izay miantoka ny fandrotsahana izany **eny amin’ny Mpandray volan’ny sampana mpirotsaka an-tsehatra sy mpitantana mahefa ara-paritrany avy, fara-fahatarany ny faha -15 n’ny volana manaraka ny nanaovana ny fitanana. Ny fanambarana mifanaraka amin’zany dia apetraka sy ankatoavina amin’ny alalan’ny sehatra an-habaka natokana ho amin’izany na manaraka ny modely vita printy miampy ny tovana faritan’ny Fandraharahana ara-ketra.”**

LOHATENY IV

HETRA ALAINA AMIN’NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN’NY FANANANA MITERA-BOLA

TOKO II

A- VOLA MIDITRA IHARAN’NY HETRA

Andininy 01.04.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny 6° amin’ity andininy ity:

“**6° Amin’ireo anjara vola sy ireo tombom-barotra azo avy amin’ny fivarotana fananana manaraka nataon’ireo olon-tsotra na ireo mizaka zo aman’andraikitra monina na tsia.”**

TOKO III

FANAFOANANA SY FAMERAN-KETRA MANOKANA

Andininy 01.04.10.-

Foanana ny paragirafy farany amin’ity andininy ity.

FIZARANA II

SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO

TOKO V

SARA AMIN’NY HAJIA SY NY TOA AZY

SOKAJY III

SARA AMIN’NY FANOMEZANA ANTONTAN-TARATASY SY FAMORIAN- KETRA SAMIHAFIA

A. Hajia amin’ny pasipaoro

Andininy 02.05.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :

“Ny fitakiana ireo fahazoan-dalana amin’ny pasipaoron’ireo vahiny sy ireo olona manana zom-pirenena tsy fantatra dia miteraka ny fitakiana ireto haba ireto :

Fahazoan-dalana honina latsaka na mira 15 andro	Ar 225 000
Fahazoan-dalana honina mihoatra ny 15 andro sy latsaka na mira iray volana	Ar 264 000
Fahazoan-dalana honina mihoatra ny iray volana sy latsaka na mira roa volana	Ar 290 000

Fahazoan-dalana honina mihoatra ny roa volana sy latsaka na mira telo volana	Ar 342 000
Fahazoan-dalana honina mihoatra ny telo volana hatramin'ny telo taona	Ar 452 500
Fahazoan-dalana honina mihoatra ny telo taona hatramin'ny dimy taona	Ar 550 000
Fahazoan-dalana honina mihoatra ny dimy taona sy hipetraka tanteraka	Ar 647 500
Fahazoan-dalana hivoaka tanteraka	Ar 290 000
Fanalavam-potoana honenana	Ar 290 000

Ny sanda voalaza etsy ambony dia mihena ho amin'ny antsasany ho an'ireo mpamita iraka na inona na inona finoany sy ny vadiny monina eto Madagasikara ary koa ho an'ireo mpianatra vahiny manohy ny fianarany amin'ny iray amin'ireo sekoly lehibe eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Ho an'ireo fahazoan-dalana azo hitarina honina maharitra, dia ampiarina ny haba **Ar 342 000**. Izay ahitana ireo mpiasa vahiny, mpampiasa vola, mpisotro ronono, mpamita iraka mihoatra ny 3 volana, fizaran-draharaha mihoatra ny 3 volana, ary koa ny fampivondronana fianakaviana ho an'ireo mpiasa vahiny sy ny vadin'ireo teratany malagasy.

Ho an'ny fahazoan-dalana azo hitarina ho an'ny tsy mpifindra monina ho fahazoan-dalana mpifindra monina, dia ampiarina ny haba **Ar 485 000**.

Ireo sanda vaovao ireo dia mihatra manomboka ny 01 janoary amin'ny taona 2027.

Na eo aza ny fepetra voalazan'ny paragirafy etsy ambony, ny olona manatanteraka iraka ofisialy mitondra pasipaoro diplomatika na pasipaorin'asa sy manana ny baiko manefa iraka ara-dalàna dia tsy mandoa ny sara amin'ny fazahoan-dalana hiditra eto amin'ny firenena mandritra ny fivahinianany ofisialy izay voafaritra mialoha.”

**FIZARANA III
HETRA TSY MIVANTANA
LOHATENY VOALOHANY
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)**

**TOVANA
TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**

TOVANA 2 :

a) *Ovana toa izao ny sara-ketra ho an'ireto andalana manaraka ireto :*

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
22 03 00	Bières de malt		
2203.00 10	--D'un titre alcoolique de 4° ou moins	12,5% sans être inférieur à Ar 750/L	50%
2203.00 90	--Autres	12,5% sans être inférieur à Ar 750/L	50%

b) Ampidirina amin'ity tovana ity ireto andalana manaraka ireto :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
6309.00	Articles de friperie.	Exo	10%
6309.00 10	- - - Vêtement	Exo	10%
6309.00 20	- - - Accessoires du vêtement	Exo	10%
6309.00 30	- - - Couverture	Exo	10%
6309.00 40	- - - Linge de maison	Exo	10%
6309.00 70	- - - Chaussures	Exo	10%
6309.00 00	- - - Autres	Exo	10%

c) Ovàna toy izao ireo andalana mikasika ny raharaha amin'ity tovana ity :

DESIGNATION DES SERVICES		
Communications nationales et internationales par téléphonie et réseaux mobiles, notamment l'accès à Internet, le trafic de voix, les services de messagerie (SMS et MMS), le transfert de données et les services de connectivité par satellite	5%	5%
Télévision à péage	5%	5%

**FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY
LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**

**TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA**

**SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHA TSY IHARAN'NY HABA**

Andininy 06.01.06.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny b- ao amin'ny 4° amin'ity andininy ity:

“b- Ireo zana-bola noraisina avy amin'ireo orinasa mpandraharaha ara-bola na ny banky mba ho famatsiana ny mpanjifa.”

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 20° amin'ity andininy ity:

“20° Nofoanana”

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 29° amin'ity andininy ity:

« 29° Nofoanana ».

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 30° amin'ity andininy ity:

“30° Nofoanana”

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

“Ireo entana voalaza ao amin'ny 8°, 10°, 11°, 13°, 14°, 17°, 21°, 22° ary 23° dia voatanisa ao amin'ny tovana.”

TOKO VI TAHAN'NY HABA

Andininy 06.01.12.-

Ampidirina paragirafy faha-3 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha - 2 amin'ny'ity andininy ity:

“Ireo fanafarana sy fivarotana vary ambony karazana voalazan'ny sandam-bidin'ny fadintseranana 1006.30 10 dia iharan'ny haba amin'ny taha nehena ho 5 isan-jato.”

TOKO IX FOMBA FANESORANA

Andininy 06.01.17.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 4° amin'ny A- FEPETRA ANKAPOBE amin'ity andininy ity:

“4° Nofoanana”

TOVANA LISITR'IREO VOKATRA TSY IHARAN'NY TVA

Andininy 06.01.06 - 13°

Ampidirana andalana toy izao manaraka izao any amin'ny faran'ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
3808.92	-- Fongicides
3808.92 10	--- Contenant du bromométhane (bromure de méthyle ou du bromochlorométhane)
3808.92 90	--- Autres
3808.93	-- Herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes
3808.93 10	--- Contenant du bromométhane (bromure de méthyle ou du bromochlorométhane)
3808.93 90	--- Autres

Andininy 06.01.06-20°

Foanana ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity.

Andininy 06.01.06-21°

Foanana ao anatin'ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity, ity andalana manaraka ity:

1006.30 10 - - - Riz de luxe des qualités RL 1 et RL 2

Andininy 06.01.06-29°

Foanana ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity.

**BOKY III
FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II
AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY
LOHATENY I
FAMORIANA HETRA
TOKO III
SAZY SY LAMANDY
SOKAJY II
TSY FAMETRAHANA FILAZANA, FANDIKAN-DALANA AMIN'NY FITANANA SY
FAMPISEHOANA NY LISITRA SY REJISITRA**

Andininy 20.01.52.-

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Ny tsy fametrahana filazàna rehetra momba ny vola miditra, sara na haba, ny vola miditra na raharaha voan'ny haba na izay rehetra vola fandoa ara-potoana, ny tovana amin'ireo filazàna, na ny iray amin'ireo antontan-taratasy izay tsy maintsy apetraka, voalazan'ity Fehezan-dalàna ity, ary koa ny tsy fanoratana sora-panekena manaraka ny fepetra takiana dia iharan'ny lamandy :

- Ar 200 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty mitentina na mihoatra ny Ar 400 000 000 ;
- Ar 100 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan'ny Ar 200 000 000 sy Ar 400 000 000 ;
- Ar 50 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty eo anelanelan'ny Ar 50 000 000 sy Ar 200 000 000 ; ireo olona voalazan'ny andininy 01.01.05.I, paragirafy faha 2 amin'ity Fehezan-dalàna ity; ireo antokon-draharaha, tsangan'asa fanasoavam-bahoaka, fikambanana tsy manana tanjona itadiavan-tombony sy ny toa azy ;
- Ar 20 000 ho an'ireo mpandoa hetra manana vola maty latsaky ny Ar 50 000 000.

Ankoatra ny tsy fanomezana karatra ara-ketra voalazan'ny andininy I-06 ao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, dia ampiharana lamandy:

- Ar 10 000 000 ny tsy fanaovana ireo andraikitra voalaza ao amin'ny 5° amin'ny andininy 01.01.13.IV amin'ity Fehezan-dalàna ity, indrindra amin'ny tsy fametrahana ny iray amin'ireo antontan-taratasy ilaina amin'ny vidin'ny famindrana, tsy ahafahana manomboka ny maha fifaninanana feno ireo fifanakalozana na amin'ny fahataran'ny fametrahana ireo antontan-taratasy ireo.

Ny tsy fanarahana ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy IV-26 sy IV-28 hatramin'ny IV-39 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, ankoatra ny tsy fanomezana karatra ara-ketra, dia ampiarana :

- lamandy Ar 10 000 000 amin'ny fahatarana ny fametrahana ny fanambarana ireo mpisitraka tena izy amin'ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra sy ireo mpitantan-draharaha ao amin'ny fiorenana araka ny lalàna.
- lamandy Ar 30 000 000, amin'ny tsy fitazomana rejisitra, ny fitehirizana ireo antontan-taratasy mikasika ny fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra, ireo fiorenana araka ny lalàna ary ireo mpisitraka tena izy;
- lamandy mifanaraka amin'ny 5 isan-jaton'ny vola maty izay tsy latsaky ny Ar 50 000 000 raha misy fandavana hanao fanambarana, na tsy fametrahana izany aorian'ny 30 andro nanaovana fampatsiahivana tsy nahitam-bokany, na fanaovana fanambarana diso, na fanomezana angom-baovao tsy mitombona.”

SOKAJY IV LAMANDY AMIN'NY FILAZANA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINONA NA FAMPIHENANA

Andininy 20.01.54.2-

Ampidirina tsipika voalohany vaovao izay mirija toy izao manaraka izao eo alohan'ny tsipika voalohany ao amin'ny C- amin'ity andininy ity :

“ - ny haba aloa raha toa ka misy ny tsy fandrotsahana izany ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana, ankoatra ny fanenjehana ara-pitsarana amin'ny fanodikodinana volam-panjakana, ambonin'izany rehetra izany ny fandrotsahana ilay haba ; ”

SOKAJY VI FANDIKAN-DALANA HAFA

Andininy 20.01.56.16-

Ovànà toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

“ Ny tsy fametrahana fanambarana amin'ny fe-potoana farany ireo andraikitra fampahafantarana dia iharan'ny lamandy voafaritry ny andininy 20.01.52 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny fanarenana natao tao anatin'ny telopolo (30) andro voalaza ao amin'ny andininy IV-10 c. ao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia iharan'ny sazy 0,5 isan-jato ny totalin'ireo sokajy nanaovana fanambarana araka ny andininy IV-09 amin'ity Fehezan-dalàna ity. Ny sazy ampiharina dia miakatra ho 5 isan-jato raha misy fanarenana aorian'io fe-potoana io.

Ny tsy fanaovana fanitsiana aorian'ny fe-potoana telopolo (30) andro voalaza etsy ambony dia iharan'ny sazy amin'ny taha 5 isan-jaton'ny totalin'ireo sokajy tokony hanaovana fanambarana voalazan'ny andininy IV-09, tomanana tsy misy fierana araka ireo fepetra voalazan'ny andininy V-42 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra.

Na inona na inona tsy fametrahana fanambarana ireo andraikitra fampahafantarana **na tsy fahampin'izany** ka hita mandritry ny fitsirihana ara-ketra voalazan'ireo andininy V-01 sy ny manaraka amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra na aorian'ny fanombohana ny fifirakirana ireo angom-baovao nataon'ny Fandraharahana dia hanaovana fitakian-ketra tsy misy fierana amin'ny taha 5 isan-jaton'ny totalin'ireo sokajy tokony hanaovana fanambarana voalazan'ny andininy IV-09, araka ireo fepetry ny andininy V-35 sy ny manaraka amin'io Fehezan-dalàna io ihany.

Amin'ireo tranga voalazan'ireo paragirafy roa eo aloha ireo, ny totalin'ny sazy dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 1 000 000.

Ny fanitsiana rehetra araka ny voalazan'ny andininy IV-10-b amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra natao tao anatin'ny fe-potoana ahazoana manao izany dia iharan'ny lamandy **mitovy amin'ireo voalaza amin'ny paragirafy voalaohany.**

Ireo sazy voalaza amin'ity andininy ity dia voafaritra amin'ny alalan'ny taratasy fikajiana, **izay mirakitra sora-pamerana miavaka amin'ny fampahafantarana raikitra.**

Ny taratasy fikajiana no mirakitra, miaraka amin'ireo pitsopitsony avy, ny fahafahana mampiakatra ny raharaha azon'ny mpandoa hetra atao, indrindra : ny fanaovana fitarainana mahakasika ny fifanolanana eny amin'ny Fandraharahana na ny Vaomiera ara-ketra, ny fandavana ny sora-pamerana sy ny fangatahana famindram-po. Ireo fampiakarana ny raharaha ireo dia tsy maintsy manaraka ny fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny hetra manankery.

Ny mpandoa hetra dia afaka misafidy malalaka mpanolo-tsaina iray manotrona azy.

Ny endrika sy ny votoantin'ny taratasy fikajiana dia voafaritry ny didy amam-pitsipika avy amin'ny Tale misahana ny fahefana mitaky fampahalalana.”

Ny ambiny tsy misy fanovana.

ANDININY FAHA 2.2

FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

LOHATENY I

NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

ZANA-DOHATENY II

FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

TOKO III

ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BAROTRA

SOKAJY I

FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY TSENAM-BAROTRA TANANA IFOTONY

Andininy I-15.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

I- Ho an'ireo tsenam-barotra izay aloan'ny mpitana kaontim-panjakana na mety ihany koa ny mpiasa rehetra miandraikitra amin'ny fandoavana ireo tsena dia izy ireo ihany no mikajy sy mitana ifotony ny hetra ary tsy maintsy mandrotsaka izany any amin'ny **mpandray volan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketran'ny tompon'ny tsena**, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony. Ny tompon'ny tsena dia tsy maintsy manao fanambarana **tsy misy fandoavam-bola** ny hetra **izay notanana eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra voalaza etsy ambony** fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny daty nandoavana izany miaraka amin'ny taratasy fanamarinana ny nakana ilay hetra mialoha.

II- Ho an'ny tompon'ny tsena tsy monina eto Madagasikara dia **tsy maintsy manendry mpisolontena nankatoaviny, izay voafaritra mazava avy amin'ny olona miandraikitra ny fanomezana ny tsena** na ny olona rehetra miandraikitra ny fanomezana ny tsena eo anivon'ny sampana mpitantana ny volam-panajakana rehetra, ao anatin'ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy na fangatahana tombambidy amin'ny fanomezana tsena amin'ny endriny rehetra.

Ny hetra notanana dia arotsaka eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketran'ny mpisolontena nankatoavina, izay tsy maintsy manao fanambarana tsy misy fandoavam-bola ny hetra izay notanana manomboka amin'ny daty naharaisany tamin'ny fomba rehetra, ny angom-baovao mikasika ny nandoavana ny vidin'ny tolo-draharaha ho an'ny tompony tsy monina, fara-fahatarany ny faha 15 n'ny volana manaraka ny naharaisana ny vola.

III- Ho an'ny tsena amin'ny asa vaventy na saikin'asa nomena mpisahan'asa, ny hetra dia tazonina ifotony ary arotsaky ny tompon'ny tsena any amin'ny **mpandray volan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketran'ny mpisahan'asa** fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nitanana izany. Ho an'ny tompon'ny tsena tsy monina,

ny hetra notanana mikasika ny fisahanana asa dia ambara sy aloan'ny mpisolontena nankatoavina monina eto **Madagasikara eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasin-ketran'ny mpisahan'asa na ny an'ny mpisolontena arakaraka ny maha monina an'ilay mpisahan'asa na tsia**. Ny mpisahan'asa monina ihany koa dia tsy maintsy manao fanambarana tsy misy fandoavam-bola eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketrany ny hetra notanana, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny naharaisana ny vidiny, ireo avansy na vola arotsaka mialoha ary ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinana ny fitanana sy dika mitovy ny fifanarahana fisahanana asa.

IV – Ho an'ny fifanarahan'ny fikambanana ara-barotra, ny hetra dia tanana ifotony eny anivon'ny mpitarika **ary arotsaka any amin'ny mpandray volan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketrany**. Ny anjara vola miditra amin'ny mpikambana tsirairay dia tsy iharan'ny fitanana intsony.

Na izany aza, ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fikambanana ara-barotra, mpiara-mifanaiky dia tsy maintsy manao fanambarana **tsy misy fandoavam-bola** ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsena mifanaraka amin'ny **anjara tsena azon'ny tsirairay** eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin-ketrany. Amin'io fanambarana io dia tsy maintsy aseho ny dika mitovy ny fifanarahana tamin'ny tsena azon'ny fikambanana, ny fifanarahana sy/na antontan-taratasy hafa rehetra mirakitra ny anjara tsena azon'ny mpikambana tsirairay, ary koa ny dika mitovin'ny taratasy fanamarinana ny fitanana ifotony ny hetra.

V- Ny olona na antokon-draharaha rehetra nitana ifotony ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny tsena mahakasika ny vola efa naloa dia tsy maintsy manome taratasy fanamarinana araka ny modely voafararitra ny Fandraharahana na taratasy fanamarinana mikasika izany.”

**TOKO IV
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA TAMBATRA
SOKAJY I
FILAZANA SY FANDOVAN-KETRA**

Andininy I-17.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-4 amin'ity andininy ity:

“Ireo vola arotsaka mialoha voalazan'ny andininy 01.02.06 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia aloa amin'ireto fe-potoana roa ireto:

1° ho an'ny olona miasa araka ny taona sivily:

- farafahatarany ny 31 martsa n'ny taona itsahina ho an'ny fandrotsahana voalohany ;
- farafahatarany ny 30 jona n'ny taona itsahina ho an'ny fandrotsahana faharoa.

2° ho an'ny olona miasa amin'ny taom-piasana hafa ankoatra ny voalazan'ny 1°:

- farafahatarany ny faran'ny volana fahatelo manaraka ny daty fikatonan'ny taom-piasana ho an'ny fandrotsahana voalohany ;

- farafahatarany ny faran'ny volana fahaenina manaraka ny daty fikatonan'ny taom-piasana ho an'ny fandrotsahana faharoa.”

**LOHATENY IV
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA SY IREO
ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA**

**TOKO I
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA
SOKAJY II
ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA**

1- Fepetra ankapobeny

Andininy IV-10.-

a) *Ovàna ho “fara-fahatarany ny 30 jona” ny vondron-teny “alohan'ny 30 jona” ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.*

b) *Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-2 ny c- amin'ity andininy ity :*

“Omena fe-potoana **30 andro** manomboka ny nandraisany ny taratasy fampahatsiahivana ny mpandoa hetra ahafahany manao fanarenana.”

2 - Fepetra manokana

Andininy IV-11.-

Ovàna ho “ireo mpikambana ao amin'izy ireo” ny vondron-teny “ny mpikambana ao aminy” amin'ny 5. amin'ity andininy ity.

**LOHATENY V
IREO PAIK'ADY AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA- KETRA**

**TOKO IV
FOMBA FAMERANA NY HETRA TSY MISY FIERANA**

**SOKAJY I
FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA**

**PARAGIRAFY I
TSY FISIANA NA FAHATARAN'NY FAMETRAHANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO
ANDRAIKITRA MANOKANA, FANAOVANA HOSOKA**

Andininy V-37.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“Iharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana ihany koa :

I- Amin'ny hetra rehetra, sara sy haba voalazan'ny Boky I amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra :

1. Ny olona rehetra na orinasa izay :

- tsy nanao fitanan-kaonty ara-dalàna raha tokony hanao izany izy na antontan-taratasy voalazan'ny lalàna ara-ketran na nahitana tsy fahatomombanana goavana sy miverimberina ny fitanan-kaonty ka mahatonga azy tsy marina na tsy manan-kery, na amin'ny tsy fanoratana sasany, na amin'ny fanaovana fanoratana diso na noforonina amin'ireo antontan-taratasy fitanana kaonty ;
- fividianana na fivarotana entana tsy misy fakitiora, amin'ny fampiasana na fanomezana fakitiora na antontan-taratasim-barotra tsy mifanaraka amin'ireo raharaha natao ;

2. Ireo tomponantoka, miaraka tompon'antoka sy mpiray tsikombakomba amin'ny fanaovana tetika feno hosoka voalazan'ireo andininy V- 44 sy ny manaraka, amin'ny fotoana ahitana izany, amin'ny fe-potoana rehetra tsy lany paik'andro, na amin'ny fanaovana andriakitra fanambarana na mbola tsy tonga aza ny fe-potoana tokony anaovany izany.

3- Ireo olona nanaovana fitsirihana ara-ketra kanefa tsy tanteraka izany noho ny antony avy amin'ny mpandoa hetra na olona hafa.

Ity fepetra ity dia ampiarina amin'ny fanoherana amin'ny fanaovana fitsirihana na amin'ny fanakanana amin'ny fahazoana taratasy na antontan-taratasy voalazan'ny andininy V- 11 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

II- Raha tsy misy ny fampatsiahivana ataon'ny Fandraharahana, ny mpandoa hetra rehetra izay tsy nahefa ny andraikiny voalaza ao amin'ny Sokajy II ny Toko I ao amin'ny Lohateny IV amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra. Io fepetra io dia tsy mihatra raha tsy amin'ny fanombohan'ny fikirakirana ireo angom-baovao atain'ny Fandraharahana na amin'ny fitsirihana ara-ketra voafaritry ireo andininy V-01 sy ny manaraka.”

**LOHATENY VI
PAIKADY FANOLANANA SY FAMINDRAM-PO**

**TOKO III
PAIKADY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA**

**SOKAJY III
PAIKADY MANOLOANA NY FITSARANA MIANDRAIKITRA NY ADIM-PITSARANA AMIN'NY
FANJAKANA**

**PARAGIRAFY II
ENDRIKY NY FANGATAHANA SY PAIKADY**

Andininy VI-34.-

